REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN-DALÀNA laharana faha 038/2026 tamin'ny 01 Jolay 2026**
**Manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha 96-029 tamin'ny 06 Desambra 1996 momba ny Sata Ankapobeny mifehy ny Miaramila, izay novana sy nofenoin'ny Lalàna laharana faha 98-030 tamin'ny 20 Janoary 1999 ary ny Didy hitsivolana laharana faha 2010-004 tamin'ny 06 Jolay 2010**

## FANAZAVANA NY ANTONANTONY

### Ny fanitsiana ny fetran-taona andehanan'ny miaramila misotro ronono

Ny fetran-taona andehanana misotro ronono ho an'ireo sokajin'ny miaramila samihafa, na miaramila maharitra izy ireo na miaramila miasa araka ny fifanekena, ao anatin'izany ireo miaramila tsy manamboninahitra ao amin'ny Tafika sy ao amin'ny Zandarimariam-pirenena, dia ampitomboina roa (2) taona, manomboka ny 01 Janoary 2026.

Amin'ny maha-fepetra manokana azy, dia mbola miankina amin'ny fahafahana ara-pahasalamana ny fisotroan-drononon'ireo miaramila miasa amin'ny sidina ao amin'ny Tafika an'Habakabaka.

Ireo fanavaozana rehetra ireo dia manampy amin'ny fanavaozana ny Sata Ankapobeny mifehy ny Miaramila, amin'ny fanatsarana ny fepetra iainan'ny miaramila ary amin'ny fanamafisana ny fahombiazan'ny Tafika amin'ny fanatanterahana ny iraka ampanaovina azy eo amin'ny fiarovam-pirenena sy ny fiarovana ny tombontsoan'ny Firenena.

Ny Minisitry ny Tafika sy ny Minisitra Delege miadidy ny Zandarimariam-pirenena no tompon'andraikitra amin'ny fanazavana ny antonanton'ity volavolan-dalàna ity sy ny fanohanana ny adihevitra momba azy.

Izany, Tompokolahy sy Tompokovavy Parlemantera, no votoatin'izao Volavolan-dalàna izao, izay atolotray amim-panajana ho amin'ny fankatoavanareo ambony.

*Natao teto Antananarivo faha*

Ny Minisitry ny Foloalindahy

**Maminirina Ely RAZAFITOMBO**

Ny Minisitra Delege
miadidy ny Zandarimariam-pirenena

**BAMA MARIMA**